

DEREK PRINCE MINISTRIES INTERNATIONAL

Fivoriana fampaherezam-panahy

Sakafo ara-panahy

Ny olon-tsika taloha dia natao maty tao amin’i Kristy mba ho velona ao anatintsika ny olona vaovao.



Manambara ny Tenin'Andriamanitra
Dries Du Plessis Dries and Valerie Du Plessis

Nolazainay fa ny fahateraham-baovao, amin’ny alalan’ny Tenin’Andriamanitra, dia miteraka toetra vaovao tanteraka ao anatin’ny saina — karazana fiainana vaovao. Izany dia mitarika antsika handinika ny vokatra lehibe manaraka ateraky ny Tenin’Andriamanitra.

Eo amin'ny sehatra rehetra eo amin'ny fiainana, dia misy lalàna iray tsy miova: raha vao teraka ny fiainam-baovao, dia ny sakafo hanohanana azy no ilaina voalohany sy lehibe indrindra amin'izany fiainam-baovao izany. Ohatra, rehefa traka ny zanak’olombelona, dia mety ho salama sy tomady amin’ny lafiny rehetra io zaza io, fa raha tsy mahazo sakafo haingana izy, dia ho reraka sy ho faty.

Toy izany koa ny lalàna eo amin’ny lafiny ara-panahy. Rehefa ateraka indray ny olona iray, ny toetra ara-panahy vaovao vokarina ao anatin’io olona io dia mitaky avy hatrany ny sakafo ara-panahy, mba hihazonana ny aina sy hampandrosoana ny fitomboana. Ny sakafo ara-panahy nomen’Andriamanitra ho an’ireo Zanany Naterany indray dia hita ao amin’ny Teniny manokana. Tena manan-karena sy isan-karazany ny Tenin’Andriamanitra ka misy sakafo mifanaraka amin’ny dingana rehetra amin’ny fivoarana ara-panahy. Ny fanomezan’Andriamanitra ireo dingana voalohany amin’ny fitomboana ara-panahy ireo dia voalaza ao amin’ny epistilin’i Petera voalohany. Avy hatrany taorian’ny nanoratan’i Petera ao amin’ny toko 1 momba ny amin’ny fahaterahana indray amin’ny voan’ny Tenin’Andriamanitra tsy mety lo, dia hoy izy:

> “Koa esory ny lolompo rehetra sy ny fitaka rehetra sy ny fihatsarambelatsihy sy ny fialonana ary ny fanaratsiana rehetra, fa tahaka ny zaza vao teraka dia maniria ny rononom-panahy tsy misy fitaka, mba hitomboanareo amin’izany ho amin’ny famonjena.”

(1 Petera 2:1–2).

Ho an'ny zazakely ara-panahy vao teraka ao amin'i Kristy, ny sakafo voatendrin'Andriamanitra dia ny ronono

© 2008 - Dries Du Plessis

madion'ny Teniny manokana. Ity ronono ity dia solika ilaina amin'ny fitohizan'ny fiainana sy ny fitomboana.

Misaotra Anao, Jesosy ô, noho ny amin'ny fifanakalozana teo amin'ny hazo fijaliana. Manambara aho ny fanoloran-tenako amin'ny Tenin'Andriamanitra dia ho loharanon'ny sakafo ara-panahy ho an'ny fitohizan'ny fiainana sy ny fitomboana, ary Manambara aho fa maty ao amin'i Kristy ilay olona taloha mba ho tonga olom-baovao eo amin'ny fiainako, amin'ny anaran'i Jesosy Kristy, Amena.

Fivoriana fampaherezam-panahy ★

Fandikana: WD-B097-236-MLG
Nohavaozina farany: 29 Oct 2026
Tranokala: Derekprince.com/mg/resources

